RAVAOMAMPIONONA **Marie Angéline** no anarako. 54 taona ary 28 taona naha-relijiozy. 5 taona izao no nitantanako ny Nôvisy ato amin'ny kôminôten'i Nkongsamba (Cameroun).



Ny hafaliako dia ny mahita ny tanora Nôvisy mitombo isan'andro amin'ny fahalalana an'i Krsity sy ny fahatsapana fa ny Reziô-nay dia mandray andraikitra amin'ny fiainam-pikambanana. Ny andiany tsirairay dia mitondra zava-baovao : kolon-tsaina, talenta…

Ny ahiahiko amin'ny maha-mpampiofana ahy dia ny misaina ny ho avin'ny tanorantsika mba hampifanaraka ny fanofanana amin'izao tontolo izao sy zava-misy ankehitriny. Ny fijoroantsika ho vavolombelona dia ny kalitaon'ny fifandraisantsika ato amin'ny kôminôte sy ny firotsahantsika ao amin'ny Fiangonana, amin'ny fiainanan'ny Paroasy,ny fiaraha-monina, ny faritra sy ny tanàna misy antsika. Eo ihany koa ny fianarana mijery an'izao tontolo izao bebe kokoa ho toy ny « tanàna » iray, izany hoe liana amin'izay miseho eran-tany amin'ny alalan'ny fitaovam-pifandraisana sy fampitomboana ny fahalalàntsika amin'ny fampiasana ny informatika.

Iainako miaraka amin'ireo mpampiofana manerana ny Diosezy ity asam-panirahako ity izay manampy ahy be dia be. Intelo isan-taona izahay miaraka amin'ny nôvisy mihaona amin'ny fanarahana fiofanana miaraka, resy lahatra aho fa izahay mpampiofana dia mianatra tahaka ireo nôvisy ihany koa mandritra ireo fihaonana ireo. Misy fiofanana indray mandeha isan-taona ho an'ny mpampiofana Nôvisy aty Cameroun. Fotoana iofanana, handinihana ireo fanontaniana mipetraka aminay : ''raha misy roa na telo mivory ami'ny anarako,dia eo afovoany Aho, …''. Miaraka no anorenanay ny Fiangonana sy hiasanay amin'ny fanomanana ny Fiangonana rahampitso !



**Masera Angéline**